Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7811 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 02 martsa 2024

## AMBOHITRIMANJAKA
4
# ZAZA ROA MATY NIRODANAN'NY TRANO

## KAOMININA ANTANANARIVO RENIVOHITRA
7
# NOTENDRENA HO PDS ATOA RAMANAMBITANA RICHARD



## MARINA IZANY !
7
### MISAFOTOFOTO !

## TARIKA NY AINGA
2



### HANKALAZA NY 30 TAONA NIAKARANY SEHATRA

## Tsaroako ilay"...
2
### RIJA (COACH)




### NANAO NINJA DIA NITSATOKA NY LOHANY

## HO ANAO RAMATOA
4
### FOMBA TSOTRA FANALANA FOFON-KELIKA

## VOLLEY - CC ZONE 7
3
### TAFITA AMIN'NY FAMARANANA NY GNVB



## Tsaroako ilay"...

Rija (coach)

# Nanao ninja dia nitsatoka ny lohany

*Rija. Mpampianatra fitaizam-batana nandritra ny 20 taona tany ho any. " Amiko, tena fiainana ny fitaizam-batana, mitaiza vatana ho salama sy hatanjaka. Rehefa salama sy matanjaka dia mahavita zavatra satria ao anatin'ny hery sy tanjaka no hahavitana zavatra. Tokony tsy hatao ambanin-javatra satria ny fahasalamana no voalohan-karena". Izy no hitantara amintsika ny fahatsiarovana tena nanamarika azy.*

*Marobe fa sombiny ihany no atolotra eto :*

**Nanao ninja dia nitsatoka ny loha**

Teny Ambonisoa Itaosy no nahalehibe an'i Coach Rija. Ny fijerena sarimihetsika amin'ny vidéo no fialamboliny fahazaza. Ary anisan' ny mahabedy azy matetika ny fandaniany andro amin' ny fijerena video, ka ny filma Ninja no tena ankafiziny. Rehefa avy mijery video izy tamin'izany, raikitra indray ny famerenana ninja ao antrano. Taty aoriana, miaraka maromaro ry zalahy bandy kely teo an-tanana mandeha milalao eny Antanikarefo Bemasoandro. Teo amin'ny faha-9 taonany no nitrangan'ity tantara iray ity. Niara-nilalao ry zalahy tamin' izay. Ninja ny fiantsoan'ny namany azy tamin'izany satria tena angadiny ny maniditsidina ireny rehefa raikitra ny fanaovana Ninja eny an-kianja. Indray mandeha, asa na nialona azy ilay namany na ahoana, fa nosintoniny teny ampanidinana ny tongotr'i Rija ka ny lohany no nandeha aloha nitsatoka tamin'ny tany. Nisy fiatraikany hatrany amin'ny lamosiny ilay fianjerena tamin'izany.



**Saika raikitra totohondry tamin'ny mpampianatra**

Anisan'ny nanamarika azy tany ampianarana indray. Tamin'izy teo amin'ny kilasy T9 nanala fanadinanana Bepc ity tantara iray ity. Nisy mpampianatra taranja malagasy izay tamin'izany tsy mitondra na inona na inona rehefa mampianatra. Ohatran'ny mitantara angano izy rehefa mampianatra ka nankaleo ireo mpianatra namany. Rehefa miteny ingahy mpampianatra hoe mahazo mivoaka izay tsy te hianatra. Rija no mivoaka voalohany ary manaraka daholo ireo namany indrindra ny ankizivavy. Indray andro i Rija nahavita niteny hoe ianao Ramose ohatran' ny mitantara angano fotsiny. Tezitra ilay mpampianatra dia niantso ady taminy, ka efa saika raikitra ny totohondry tao ampianarana. I Rija rahateo tsy nitsoaka fa niandry fotsiny izay ataon' ilay mpampianatra. Notazonin'ireo namany izy, raha tsy izany mety ho zava-doza no niseho.

**Nanao fikarohana 3 taona teny Ankatso**

Anisan'ny fahatsiarovana nanamarika ny fiainany ary tsy hadinony mandrakizay ity tantara iray ity : "*Izaho tsy mba nanana Bepc akory nefa niara-niasa sy nanao fikarohana tamin'ireo manampahaizana sy mpampianatra mpikaroka teny Ankatso. Tamin'ny taona 2008 ka hatramin'ny 2010, izany hoe 3 taona ny faharetan'ny fiarahanay miasa. Nahazo sertifika mihitsy aho mikasika izany fikarohana natao izany. Resaka ravina fanaovana fanafody momba ny diabeta sy fiakaran'ny tosidra ary sohika no nataoko tamin'izany. Fa tamin'izany koa, izay somary nampalahelo ahy taty aoriana. Ny tsy fahaizako teny anglisy no tsy nahafahako nampianatra ilay amerikana. Fikambanana amerikana no nanao fikarohana taty tamin' izay, ka tsy afaka niaraka tamin'izy ireo. Ny tao andohako tamin'izany, hoe mila mianatra ny teniko izy ireo raha te hiara-miasa amiko* », hoy izy.

**Nangonin'i Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Matetika ireo nandalo fisedrana sy hirifiry tamin'ny lasany no maka lesona amin'izany. Tsy ekeny intsony ny ho aviny raha tsy ho lafatra sy tsara fiafara.»

**Ny Vetso (24.09.16)**

("Parfois des gens qui ont le pire passé finissent par créer le meilleur future qui sort.")

Tarika Ny Ainga

## Hankalaza ny 30 taona niakarany sehatra amin'ity




**Hitondra revy manja vazo milay mitety faritra ny tarika amin'ity.**

1994-2024. Feno 30 taona katroka amin'ity taona ity ny fiakarana an-tsehatra notanterahan'ny tarika Ny Ainga. Amin'ny ankapobeny, efa manodidina ny 2 arivo ary ho any ny fiakarana an-tsehatra vitan'ny tarika tao anatin'izay 30 taona izay. Tamin'ny taon-dasa teo amin'ny 54 eo ho eo ny fampisehoana notontosain'izy ireo, ka tafiditra anatin'izany ny fanafanana « cabaret ». Araka ny resaka nifanaovanay tamin'i Luc, filohan'ny tarika, hisy ny fankalazana izany taon-jaobily izany amin'ity taona ity. « *Mety haharitra herintaona ny fanamarihana mba hahafahan'ny rehetra mihanoka ilay "revy manja vazo milay*", hoy izy. Nisantaran'izy ireo ny fankalazana izany ny fihaonan'ny vondron'ny mpankafy teto Antananarivo sy ny mpikambana ao amin'ny tarika tao amin'ny Ens Ampefiloha tamin'ny 11 febroary 2024 lasa teo. Hitohy manerana ny Nosy hetsika tanterahan' izy ireo amin'izany.

**"Asa soa sy vazo milay"**

Anisan'ny tsangambaton'ny jobily, ny famoahana hira vaovao izay mitondra ny lohateny hoe « 30 taona milay ». Nambaran'i Luc hatrany fa hivoaka tsy ho ela io hira fanevan'ny faha-30 taonan'ny tarika io. "*Hiompana bebe kokoa amin'ny fanaovana asa soa ny 30 taona milay. Ankoatra ny Fampisehoana ifanomezan-tanana amin'ny sekoly, fiangonana, fikambanana samihafa na olon tsotra…Hisy ny fambolen-kazo toa ny fanao isan taona, izay hatao eny amin'ny Domaine St François d'Assise Ambatomirahavavy ny Alahady 10 Mars izao. Hisy ihany koa ny tan-tsoroka hoan ireo mila tohana amin'ny fanomanana fanadinam- panjakana ka ny mpikambana ao amin'ny vondron' ny mpankafy no hisahana izany satria "tsy kanto ny talenta raha tsy anasoavana olombelona"*, hoy izy. Mifanerasera hatrany amin'ny mpankafy ao amin'ny pejiny ny lehiben'ny tarika.

**Fy**

Harembako-pirenena

# Hametrahana tohatra 600m ny "Pic Saint Louis" any Taolagnaro

Fotodrafitrasa goavana sy manaraka ny fandrosoana no hapetraka any amin'ny faritra Anôsy izay entina hanatsarana ny harembakopirenena any an-toerana dia ny tendrombohitra "Pic Saint Louis" any Taolagnaro. Fotodrafitrasa hanamorana ny fitsidihana toy ny fametrahana tohatra amin'ireo lalam-pitsidihana (circuits) 3 mirefy 600 metatra hatrany ambany ka hatreny amin'ny tendrony no hapetraka. Hahazo tombony amin'ity tetikasa ity ny fizahantany sy ireo mpisehatra rehetra fa indrindra ny toekarena amin'ny ankapobeny any amin'ny Faritra Anôsy. Hiara-hiasa amin'ny fanamboarana izany ny Minisiteran'ny Serasera sy ny kolontsaina sy ny tetikasa PIC ary ny Faritra Anôsy. Tontosa ny Alakamisy hariva teo moa ny fifanoavan-tsonia teo amin'ny telo tonta izay nahitana ny Minisitra Andriamananoro Augustin, sy ny mpandrindra nasionaly eo anivon'ny PIC, Rakotovelomanantsoa Ladislas Adrien ary ny Governoran'ny Faritra Anôsy Voahary Rakotovelomanantsoa. Araka ny fanazavana dia haharitra valo volana ny fanamboarana ary mialoha ny faran'ny taona dia ho azo tsidihana ity taoerana ity. Ankoatra izay dia hamafisina ihany koa ny fampahafantarana ny Pic Saint Louis eo anivon'ny sehatra iraisampirenena. "Ny kolotsaina amin'ny maha harem-bakoka azy dia loharanon-karena mivoy ny fampandrosoana ary miteraka harena ho an'ireo izay mahay mitrandraka azy. hoy ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina, Ity fifanarahana vita sonia ity dia maneho hatrany ny fitokisan'ireo mpiara-miombona antoka amin'i Madagasikara ary manohana ny vina fampandrosoana napetraky ny Filoham-pirenena miankina amin' ny fampandrosoana ny fototra maha olona, ny fampiroboroboana aratoekarena ary ny fanjakana tsara tantana.

**Tiaray R**

"Viavy Film Festival"

# Nahemotra amin'ny 8 Marsa ny fandraisana ny filma hifaninana

Mbola manana herinandro ireo vehivavy izay maniry ny handray anjara amin'ny fifaninana horonan-tsarimihetsika fohy karakarain'ny "Viavy Film Festival". Raha tokony ho anio mantsy no hifarana ny fandraisana ny sanganasa dia hahemotra amin'ny 8 Marsa indray izany. *"Fangatahan'ny maro io ary mba hanomezana fahafaham-po azy ireo no antony nanemorana azy ary azo raisina ihany koa ireo horonan-tsarimhetsika izay mbola tsy vita rafitra tsara sy ireo andalam-pahavitana"* hoy Koloina anisan'ny tompon'andrikaitra valohany amin'ity hetsika ity. Omaly moa no nampahafantarina ny mpanao gazety tetsy amin'ny Canal Olympia Andohatapenaka ny mikasika izany. Tsihivina fa ny 15 sy 16 Mars izao no hanomboka ny "Viavy Film Festival". Amin'ity andiany voalohany ity dia nomena vahana manokana ny vehivavy mpamokatra sy mpanodina horonan-tsarimihetsika vao misondrotra na efa manana traikefa. Mandritra ireo andro roa ireo no handefasana ny sanagansa'izy ireo ary misy ny loka hatolotra ny 3 voalohany. Nosokajiana ho telo ny sanganasa dia ny horonantsary fanadihadihana, horonan-tsarimihetsika famoronana, ary ny horonantsarimihetsika sary miaina izay tsy mihoatra ny 41 minitra. Ankoatra izay dia hisy ihany koa ny atrikasa sy fifakalozan-kevitra ary fizarana traikefa manodidina ny sarimihetsika. Hasongadina mandritra izany fa ny fanodinana horonan-tsarimihetsika dia sehatra iray ahazoana mampidi-bola. Manam-pahaizana manokana momba ny sarimhetsika avy any ivelany sy avy eto Madagasikara no hifarimbona hizara ny traikefany ary afaka mandray anjara daholo ny olona rehetra. Tsy misy rahateo ny sarampidirana sy fandraisana anjara fa natao maimaimpoana. Manohana ny "Viavy Film Festival" moa ny "Canal +" Madagasikara ary ity hetsika ity no entin'izy ireo manamarika ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy amin'ity taona ity.




**Ankoatra ny fifaninanana dia misy ny atrikasa sy fizarana traikefa ary fifanakalozan-kevitra manodidina ny sarimihetsika.**

**Tiaray R**

Volley - CC Zone 7

# Tafita amin'ny famaranana ny GNVB

Tamin'ny seta 3 no 2 omaly tetsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina no nivoahan'ny GNVB vehivavy ho mpandresy nanoloana ny Anse Royale avy any Seychelles, nandritra ny lalao manasa-dalana, ny fiadiana ny CC Zone 7, taranja Volleyball. Tafita hiatrika ny lalao famaranana hatao anio manomboka amin'ny 2ora tolakandro izy ireo, izay hifanandrina amin'ny St Denis olympiques avy atsy La Réunion. Ireto farany izay nanilika ny TGV La Réunion teo amin'ny manasa-dalana ilany. Raha hiverenana ny lalao nataon'ny solontena Malagasy omaly dia tena niady saingy tsy nitsanga-menatra ny Zandarimaria Nasionaly VB, izay nanao ny ainy tsy ho zavatra niarovana ny voninahim-pirenena. Teo amin'ny seta voalohany dia ny GNVB no nahazo azy, tamin'ny isa 25 noho 16, nifoha tamin'ny torimasony ny vahiny teo amin'ny seta faharoa ka azon'izy ireo izany, tamin'ny isa 12 noho 25. Niverina tamin'ny heriny indray tamin'ny seta faha-3 ny GNVB ka lasany tamin'ny isa 25 noho 19 izany. Efa nieritreritra kosa ny mpijery baolina tonga maro tetsy Mahamasina omaly fa ho mora foana ny hahazoan'ity solontenantsika ity ny seta faha-4, izay nisy fotoana efa nitarika tamin'ny elanelan'isa 5 izy ireo saingy tsy izay no nitranga, fa nosahalain'ny Anse Royale, taty amin'ny isa 17 noho 17 izy ireo ary tsy nijanona raha tsy nihoarany sy nalainy mihitsy ny seta faha-4, tamin'ny isa 22 noho 25. Nalalaka be kosa anefa teo amin'ny tie-break ny lalan'ny ekipan'i Nore kely, izay nandrombaka izany, tamin'ny isa 15 noho 3. Lasan-dry Fifih, Lalie, Lalah, Hoby, Rojo, Eugénie , Nandrianina izany teto ny tapakila, ka na teo aza ny fahaiza-manao an-dry Sandrine teratany kameroney milalao amin'ny Anse Royale dia tsy nahasakana azy ireo izany. **Rabenaivo**

Basket - Tompondaka "Pré-Saison / U13 Filles"

# Hifampitana ny zazavavin'ny Fandrefiala sy ny Lucadro

Hiatrika ny lalao famaranana amin'ny "Pré-Saison", rahampitso, eny amin'ny kianja Sainte Famille Mahamasina, ihany koa ny zazavavy latsaky ny 13 taona eo amin'ny Fandrefiala sy ny Lucadro. Ny fifaninanana dia karakarain'ny « *Section de Basket-Ball Antananarivo Renivohitra* (SBBAR) », entina hanomanana ny fiatrehana ny taom-pilalaovana vaovao. Efa eo ampamaranana ny anjarany avy ny sokajin-taona rehetra, izay mandray anjara amin'ny fifaninanana ao anatin'ny SBBAR. Azo lazaina fa fahombiazana hatrany no azon'ny tompondraikitry ny basket-ball eto an-drenivohitra, satria tsy manavao ny fifaninanana atrehiny intsony ny mpialaony, izay vao sambany no mandray amin'ny fiadiana ny tompodakan'ny SBBAR. Tao anatin'ny taona maro mifanesy mantsy izao dia nigalabonan'ny ekipa, vokarin'ny Ligin'Analamanga hatrany ny fifaninanam-pirenena natokana ho an'ny ankizy madinika sy ny tanora. Izany fahombiazana izany no tanteraka dia noho ny hamaroan'ny fifaninanana handraisana anjara, manomboka any amin'ny SBBAR ka hatrany amin'ny Ligin'Analamanga, ary manginy fotsiny ny fahamaroan'ny ekipany. Ankoatra ny fanatanterahana ny "Pré-Saison", dia miara-dàlana aminy hatrany koa ny fanatanterahana ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny SBBAR 2023-2024. Tahaka izao ny fizotran'ny fandaharan-dalao eny amin'ny kianja Sainte Famille Mahamasina (Alahady 03/03/2024) : 8 ora : ASSM / Fandrefiala # TSBB / COSFA ; 9 ora sy 30mn : DTSC / BCR # ESI / AKBB ; 11 ora : AST / GIO SAO # MB2ALL / MMBC ; 12 ora sy 30mn : A2 # AKBB ; 2 ora : MB2ALL # AST ; 3 ora sy 30mn : « Grande Finale U13 Fille (Pré-Saison) » / Fandrefiala # Lucadro.

**aris rafaly**

Kitra - " Telma Coupe de Madagascar "

# Tsara ho fantatra momba an'ireo ekipa hiatrika ny lalao savaranonando

Hanomboka rahampitso ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 10 martsa 2024 ny lalao savaranonando amin'ny fiadiana ny Amboaran'i Madagasikara 2024 amin'ny baolina kitra. Mahatratra 46 ny ekipa miatrika ny lalao savaranonando. Ny fifaninanana dia misokatra ho an'ny ekipa maniry te handray anjara, ka ny resy dia mihintsana avy hatrany. Ligim-paritra 16 amin'ny 22 mandrafitra ny federasionina (FMF) no manana solontena hiatrika ny lalao savaranonando. Tsara ho fantarina ny momba azy ireo sy ny ekipa niaviany avy : *DIANA* (ekipa 04) : TP Sirama – Cosa DS – Ased – FC ABL ; *Boeny (04)* : FCT RN4 – Eden Sport – Fosa Académie – Zoya FC ; *SAVA (04) :* Herin'i Sambava – AS Tandem – FC Landrique – AS Vanillantsika ; *Sofia (02)* : FCM Port Berger – AS Justice ; *Ihorombe (01)* : FCA Ilakaka ; *Itasy (04)* : Jet Kintana – FC OBA – Grenade FC – Asca ; *Alaotra Mangoro* (01) : VA Academie ; *Atsinanana (02)* : Tia Kitra FC – Fanahisoa ; *Analanjirofo* (02) : Kakambary – Mahavatsy ; *V7V* (01) : Reseau Fort ; *Bongolava* (01) : FC Mailaka ; *Amoron'i Mania* (03) : AS 3A – Zaza Mola 3 – Zandry Gasy FC ; Analamanga (09) : FC Viva – Kinga Sport – MI20 FC – Buffalo Académie – Saturne FC – Uscafoot FC – FC Dragon – Toulon Académie – Requin Bleu ; Atsimo Andrefana (02) : AS Comato – FC Union Anketa ; Atsimo Atsinanana (02) : Real Masianaka – Ami FC ; Matsiatra Ambony (03) : Fomela – Fert – Lion. Toy ny mahazatra dia ny Ligin'Analamanga no manana ekipa mandray anjara betsaka indrindra. Amin'izao faran'ny herinandro izao dia lalao enina avy hatrany no tanterahina amin'ny kianja telo (Antananarivo- Ambositra –Mahajanga). Mahatratra 13 ny isan'ny lalao savaranonando hatao, ka ny klioba tsy niatrika ny fifaninanana tamin'ny taon-dasa no hanao an'izany. Marihina fa mahatratra 61 ny fitambaran'ny ekipa miatrika ny "Telma Coupe de Madagascar 2024". Araka izany dia hameno ny isa 61 ireo klioba mifaninana amin'ny "*Pureplay Football League*".

**Fandaharan-dalao alahady 03 martsa 2024 :**

Antananarivo : Buffalo Académie (ANL) # Grenade FC (ITA) ; FC Dragon (ANL) # ASCA (ITA)

Ambositra : Zaza Môla 3 (A.MAN) # Zandry Gasy FC (A.MAN) ; FC Mailaka (BGL) # FC OBA (ITA)

Mahajanga : FCT RN4 (BOE) # Eden Sport (BOE) ; Zoya FC (BOE) # AS Justice (SOF)

**aris rafaly**

Karate - Amboaran'i Madagasikara

# Mahatratra 900 ireo hifaninana etsy Ankorondrano

Hanomboka anio ary hitohy hatramin'ny rahampitso etsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano, ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara, eo amin'ny taranja Karate. Natokana ho an'ny sokajy vehivavy sy ankizy izany, izay mahatratra hatramin'ny 900 ireo hifaninana. Nambaran-dRajaonarison Christian, Tale Teknika Nasionaly eo anivon'ny federasiona, fa sambany no betsaka toy izao ny isan'ny mpandray anjara, izay nahatonga solontena avokoa ireo avy any amin'ny faritra. « Hitarafana sahady ireo solofo mpandimby handrafitra ny ekipa nasionaly U8/12/14, Juniors ary Seniors izy ity, ka tsy anisan'ny handray anjara amin'ity ireo karatekas tompondakan'i Madagasikara, izay efa anatin'ny ekipam-pirenena. Izay atleta tafakatra "podium" rehetra kosa amin'ity amboran'i Madagasikara ity, avy hatrany dia miditra anatin'ireo hifantenana handrafitra ny ekipam-pirenena. Mialoha ny fifaninanana, nisy ny fampiofanana ireo mpanazatra sy mpitsara omaly tetsy Ankorondrano. Nambaran-dRamatoa Raboanarijaona Voahirana, filohan'ny vaomiera ho an'ny mpitsara, izay nitarika ny fampiofanana, fa ny lalan-tsaina hitondrana ny fifaninanana no nifampizarana tamin'izany. Faniefany amin'izao, hoy izy ny natokana ho an'ny mpitsara teto Analamanga, efa nisy koa tany Vakinankaratra. Anisan'ny nozaraina tamin'izany ny fitondrantenan'ny mpitsara sy ny fitondrana ny ankizy

**Rabenaivo**

Fifidianana Solombavambahoaka

# Betsaka ireo Minisitra no mety hirotsaka !



**Anisan'ireo mety ho kandidà solombavambahoaka ireto Minisitra ireto.**

Maro amin'ireo Minisitra no tazana manao be midina eny an-kianja tato ho ato. Ho an'ny mpanara-maso, karazany efa manao fampielezan-kevitra mialoha izy ireny, ho an'ny fifidianana Solombavambahoaka. Anisan'izy ireny ny Minisitra ny Tanora sy Fanatanjahantena, Haja Resampa. Tombanana hirotsaka any Morondava ny tenany, izay « coach » ny faritra Menabe. Hita ho manakaiky ny vahoaka any an-toerana ingahy Minisitra, miezaka mihaino sy mijery akaiky ny sehatra ny fampianarana, fambolena, fandriampahalemana sy ny maro hafa. Tsiahivina, efa Sekretera Jeneralin'ny fiadidiana ny filoham-pirenena (2009-2014) ary efa nahoraka fa ho tendrena Praiminisitra tamin'izany. Ny taona 2023 no lasa Minisitra ny Tanora sy Fanatanjahantena izy, ka iraka goavana no napetraka taminy dia ny fandraisana ny Lalaon'ny Nosy, izay tontosa antsakany sy andavany. Ankoatra azy, efa hita manomana izany kianja izany ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, Michel Sahondra, izay mety hilatsaka any Fianarantsoa I. Tombony ho azy ny maha-« coach » ny faritra Matsiatra Ambony, eo koa ny Reniny, izay ben'ny tanàna any antoerana. Tombanan'ny maro fa mety handray ny toeran'ny filohan'ny Antenimierampirenena mihitsy izy raha lany depiote. Mbola anatin'ny lisitra hirotsaka solombavambahoaka koa ry Tokely Justin, Minisitry ny Atitany sy ireo minisitra teo aloha, toa an-dry Soafilira, Assoumacou, Vavitsara sy ny maro samihafa...

**Rabenaivo**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### A VENDRE

* Tour mécanique vao tonga, occ Taïwan, efa boîtier, TBE. Année 2.000. Tél : 034.43.189.91. (G-BA 767/5-4)

### MIVIDY

* Mividy lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, machine, kojandakozia, poketra. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 764/10-10)

* Lamba, kiraro, poketra, fanaka, lakozia, debara, kilalao. Tél : 034.61.958.82 / 032.98.148.97. (G-BA 756/15-13)

* Lamba, poketra, kojan-dakozia, kahie, machine, bisikileta, debara sns. MA. Sarah. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 768/10-3)

### COURS

* Cours de coiffure complet, tsotra, haingana, afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 032.58.079.61. (G-BA 739/30-26)

### FORMATION

* Cours prépa. concours : ENMG, ENAM, POLICE. Mahafa-po. Tél : 032.42.817.46. Fb : MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-2)

### VIDANGE

* Vidange : fosse septique, fosse perdue & puisard...Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-749/18-17)

### MITADY ASA

* Vehivavy mitady asa an-trano, 20 taona, matotra tsara, kilasy mandry na izay misy. Tél : 038.15.255.39. (G-BA 770/1)

Ambohitrimanjaka

# Zaza roa maty nirodanan'ny trano

Tsy nisy avotra fa namoy ny ainy avokoa ireo mpianadahy kely iray tampo (8 taona sy 6 taona), tra-doza nirodanan'ny trano tetsy amin'ny fokontany Miadana kaominina Ambohitrimanjaka, distrikan'Ambohidratrimo, omaly alina. Tokony tamin'ny 9 ora sy sasany alina tany ho any no nihotsaka tampoka ilay trano. Izany hoe mbola tao anatin'ny orana nikija no niseho ny loza. Hatreto dia voalaza fa noho ny riaka be loatra nentin'ny orana no nahatonga ny loza. Tsy ny trano rehetra no nirodana fa ny ampahiny ihany saingy io no nanototra azy mianadahy. Ny angom-baovao voaray teny an-toerana no nahafantarana fa ankizy mipetraka amin'ny renibeny izy ireo ary mbola nisy ankizy 2 hafa tao saingy avotra soa aman-tsara. *"Trano biriky mbola mafy tsara ilay nirodana. Noho ny haben'ny ranontany nentin' ilay orana mikija no nahatonga ny loza. Nanao ny ezaka rehetra nanavotana an'ireo olona tao an-trano ihany ny fokonolona sy ny mpitandro ny filaminana. Na izany aza tsy tafavoaka velona ireo zaza ireo »* :hoy ny fanazavana. Nisy trano iray izay nifanandrify teo ihany koa no voatery naradona ny tamboho, ary nesorina ny olona tamin'io toerana io, mba hisorohana ny loza. Hatramin'ny omaly dia mbola manohy ny fanesorana sy fanentanana ny olona ireo zandary avy amin'ny zana-tobim-paritra Ambohitrimanjaka. Nasiana faritra mena ihany koa ireo toerana atahorana hihotsaka. Nentanina ny rehetra mba hifampilaza sy hiteny momba ireo trano ahiana hitera-doza.

**Deyland**

Foloalindahy

# Nandray ny toerany ny "CEMA" sy "COMGN" vaovao

Noraisina nandritry ny Filankevitry ny Minisitra ny didimpanjakana manendry ny Jeneraly Deramasinjaka Manantsoa Rakotoarivelo ho Lehiben'ny Etamazaoron' ireo Tafika (CEMA), izay nisolo ny toeran'ny Jeneraly Sahivelo Lala Monja Delphin, izay notendrena ho Minisitry ny Foloalindahy. Ny alarobia teo ihany koa no tapaka tao anatin'ny Filan-kevitry ny Minisitra fa ny Jeneraly Rakotomalala Andriatahiana Jean Herbert no komandin'ny Zandarimariam-pirenena (COMGN), nandray ny toeran'ny Jeneraly Andriantsarafara Rakotondrazaka, izay voatendry ho Minisitra delege misahana ny Zandarimaria. Tontosa omaly avokoa ny fifamindram-pitantanana teo amin'ireo tomponandraikitra ambony eo anivon'ny Foloalindahy ireo. Ho an'ny lehiben'ny Etamazaoron' ireo Tafika manokana dia nilaza sy manome toky izy fa tsy handraraka ilo mby an-doha ka hampandavorary ny vina mifototra ao anatin'ny politika ankapoben'ny fanjakana, indrindra fa ny fanenana ny tahan'ny tsy fandriampahalemana.



**Ireo Jeneraly Minisitra sy ny lehibe mpibaiko eo anivon'ny Foloalindahy.**

**Deyland**

Ankadinondry-Sakay

# Mpangalatra môtô 2 lahy maty voatifitra, basy iray tratra

Efa nokasaina hamidy tao Fierenana, distrikan'i Tsiroanomandidy ireo môtô halatra miisa roa nentin'ireto jiolahy ireto ny Alarobia lasa teo. Nisy nahatsikaritra anefa izany ka nampandrenesina haingana ny mpitandro filaminana. Natao ny vela-pandrika nentina nisamborana ireto jiolahy ireto. Voasakana tao Ambatoantranokely, kaominina Ankadinondry ireo jiolahy, izay nitsoaka niaraka tamin' ny môtô. Nitifitra avy hatrany anefa izy ireo raha vao nahatazana ireo mpitandro filaminana. Namaly tifitra ihany koa ny zandary ka voatifitra ireo roa lahy niaranitaingina tamin'ny môtô iray. Tafatsoaka kosa ilay môtô faharoa. Rehefa nojerena ireto jiolahy voatifitra ireo dia efa tsy nisy aina intsony fa teo noho eo ihany dia maty. Azo ilay môtô "France rider" nangalarin'izy ireo sy basy vita gasy iray nampiasainy.

**R.C**

Analakely - Merkiora sandoka,

# Ramatoa voasoloky vola 5 500 000 Ariary

Sachet mainty feno fotaka sy tavoahangy kely misy rano no nisolokian'ilay lehilahy 66 taona an'ity ramatoa iray ka nahazoany vola mitentina 5 500 000 ariary. Nilaza fa nahita merkiora any Port Bergé mantsy ity rangahy ity ny taona 2022 ka niteny tamin' ilay ramatoa fa hitrandraka izany. Nanomboka teo dia nataony fanao ny maka vola any amin'ilay ramatoa hoe hitrandrahana ilay merikiora ary io efa nahatratra antapitrisany maro io ny vola lasany. Ny 28 febroary teo no tonga tany amin'ilay ramatoa ralehilahy. Nitondra voatavo izy ary nolazainy fa ao anatin'io ilay merikiora. Dia nosokafana izany ka teo vao ankona ilay ramatoa raha nahita fa tsy merikiora velively no tao fa dia io sachet feno fotaka sy misy tavoahangy kely misy rano io. Nanoloana izany, nandeha nankany amin'ny biraon'ny polisy ilay voasoloky nametraka fitoriana. Nosamborina ity farany ary taorian'izay.


**T.H**

## Ho anao Ramatoa

# Fomba tsotra fanalàna fofon-kelika

*Tena mbola mafana mihitsy ny andro amin'izao fotoana izao. Anisan'ny tena mandreraka ny tsembon-kelika sy ny fofona aterak'izany fa sady manimba akanjo no manelingelina rehefa anaty toerana be olona. Loto tokony hivoaka anefa ireny hatsembohana ireny, izay miteraka fofona. Ireto ary misy fomba tsotra atoro anao hialana amin'izany.*

**Déodorant**



Anisan'ny efa fampiasan'ny maro tokoa ny déodorant. Noho izy misy akora simika anefa dia mila mahay misafidy tsara izay tokony hampiasaina sy ny mifanaraka amin'ny hoditra. Misy karazany maro tokoa izy ireny eny an-tsena ary arakaraky ny vidiny ka tokony safidiana tsara ny zavatra ampiasaina mba tsy hiteraka voka-dratsy hoan' ny fahasalamana indray.

**Voasarimakirana sy karibonetra**

Noho ireo singa hita ao aminy dia afaka mitroka ny hatsembohana ary mamono ny bakteria, izay miteraka fofona ratsy ary manafotsy ny hoditra ny voasarimakirana sy karibonetra. Toy izao ny fanaovana azy. Maka karibonetra iray sotrokely afangaro amin'ny ranona voasarimakirana tapaky ny sotrokely. Afangaro tsara ireo dia ahosotra amin'ny helika isa-maraina mialoha ny hivoaka ny trano. Azo tehirizina anaty vata fampangatsiahana ny ambiny.

**Vahona**

Ny vahona ihany koa dia afaka atao amin'ny helika hisorohana ny fofona sady manafotsy ny hoditra no natoraly tsy misy fangarony. Ilay dinditam-bahona iny no alaina. Maka dintim-bahona roa sotro eo dia iny no hikosehana ny helika amin'ny vovondandihazo (coton). Avela ho maina mandritra ny fotoana fohy eo dia avy eo fafana amin'ny lamba malefaka mba tsy handoto akanjo.

**Vinaingitra vita amin'ny paoma sy alikaola**

Afaka atao amin'ny helika tsara ihany koa ny alikaola sy ny vinaingitra vita amin'ny paoma (vinaigre de cidre) . Toy izao ny fanaovana azy. Maka vinaingitra vita amin'ny paoma efatra sotro dia afangaro amin'ny alikaola iray sotro. Alaina ny vovondandihazo dia asiana ilay fangaro ary iny no ahosotra amin'ny helika isa-maraina. Tsy sasana fa avela amin'izao. Ho hitanao fa sady tsy ho tsemboka intsony ny helika no tsy hamoaka fofona.

**R.C**




PRIERE AU SACRE CŒUR

***Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.***

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.

GCL 767/1-1 02/03/24 Mme Vola


## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Ara-bakiteny**




## Hatsikana an-tsary

**Bombosigara**




## Masoandro Miposaka

**Romana 9 : 1-2**


Milaza ny marina ao amin'i Kristy aho, fa tsy mandainga, sady miara-milaza amiko ao amin'ny Fanahy Masina koa ny fieritreretako, 2 fa mafy ny alaheloko, ka tsy mety mitsahatra ny fahorian'ny foko.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Aza tsy maharitra ny mena miraviravy.**

Ne vous laissez pas tenter par ce qui est rouge et qui pendille.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3187**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 6 | | | | | | 3 | |
| | | | | 1 | | | | |
| 8 | 4 | | 6 | | 3 | | 7 | 9 |
| | 7 | | 5 | | 9 | | 4 | |
| | | 8 | | | | 7 | | |
| | 1 | | 7 | | 6 | | 2 | |
| 3 | 8 | | 2 | | 4 | | 5 | 7 |
| | | | | 3 | | | | |
| | 5 | | | | | | 9 | |

Valin'ny laharana **3186**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 7 | 3 | 9 | 8 | 2 | 1 | 4 | 6 |
| 6 | 4 | 8 | 3 | 1 | 5 | 9 | 2 | 7 |
| 2 | 1 | 9 | 4 | 6 | 7 | 8 | 5 | 3 |
| 4 | 2 | 7 | 6 | 3 | 9 | 5 | 8 | 1 |
| 3 | 5 | 1 | 2 | 7 | 8 | 6 | 9 | 4 |
| 9 | 8 | 6 | 5 | 4 | 1 | 7 | 3 | 2 |
| 1 | 9 | 2 | 7 | 5 | 4 | 3 | 6 | 8 |
| 8 | 3 | 4 | 1 | 9 | 6 | 2 | 7 | 5 |
| 7 | 6 | 5 | 8 | 2 | 3 | 4 | 1 | 9 |

Kaominina Antananarivo renivohitra

# Notendrena ho PDS Atoa Ramanambitana Richard

Rehefa nitarazoka nandritra ny fotoana naharitra dia nanapa-kevitra nanendry ny olona hitantana vonjimaika ny tanànan'Antananarivo renivohitra ny fitondram-panjakana. Navoakan'ny minisiteran'ny Atitany omaly ny didimpitondrana izay manendry an'Atoa Ramanambitana Richard Barijaona ho Filohan'ny Delegasiona manokana (PDS) eto Antananarivo renivohitra. Nanatrika ny fanendrena ny Filohan'ny Delegasiona manokana omaly ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitsinjaram-pahefana Atoa Naina Andriantsitohaina. Naneho ny fahatokisany ny Filoha voatendry ny tenany ary nirary azy hahavita be ho hamerenana ny hasin' Antananarivo. Nilaza kosa Atoa Filohan'ny Delegasiona manokan'Antananarivo fa vonona hiatrika ny adidy izay miandry azy amin'ny fitantanana ny renivohitr'i Madagasikara. Ho sarotra sy betsaka ny asa miandry satria maro ny olana tsy maintsy ho vahana ao anatin'ny fotoana fohy mikasika ny fitantanana ny tanàna. Efa ela no niandrasan'ny rehetra indrindra ireo mpiasan'ny kaomina CUA ity fanendrena ny PDS vaovao ity. Azo lazaina fa nanendry olona mahatoky sy tsy mivadika ny fitondrana. Efa nisahana andraikitra maro teo anivon'ny Fiadidiana ny tanàna ny tenany ary Loholon'i Madagasikara ihany koa.

Raha tsiahivina dia isan'ny olona akaiky ny Filoha Andry Rajoelina izy ary nandray anjara mavitrika tamin'ny fampielezan-kevitra tamin'ny fampandaniana ny Filoha tamin'ny fifidianana teo. Mbola hatao amin'ny fotoana manaraka kosa ny fanendrena ireo izay ho filoha Lefitra. **JUDD**

Fivoriana ara-diplomatika any Antalya

# Voaasa manokana ny Filoha Andry Rajoelina

Nisokatra tamin'ny fomba ofisialy ny omaly tolakandro teo tao amin'ny Nest Convention Center ny Antalya Diplomacy forum 2024. 19 ireo Filoham-pirenena sy filoham-panjakana voaasa manokana ka nanatrika io lanonam-panokafana io ka anisan'izany ny Filoha Andry Rajoelina. Manodidina ny 73 kosa ireo Minisitry ny Raharaham-bahiny tonga. Mahatratra 4000 ireo mpandray anjara amin'ny ADF 2024 mandritra ny 3 andro. Ny fampiroboana ny diplomasia mandritra ny vanim-potoana misavorovoro (promouvoir la diplomatie en temps de crise) no lohahevitra tamin'ity Antalya Diplomacy forum 2024 ity. Fanamby ho an'ny Firenena rehetra ny fikarohana vahaolana sy paikady matipaika iombonana sy iraisana manoloana ireo ambana efa misy sy vao mipoitra ireo Tanjon'ity andiany fahatelo amin'ny Antalya Diplomacy forum ity ny hampivoarana ny fifandraisana ara-diplomatika eo amin'ireo rafitra iraisam-pirenena tsy misy fanavahana mba ahafahana mametraka ny filaminana sy fitoniana manerantany Mandritra ny telo andro hanatanterahana ny ADF 2024 no handroso vahaolana sy hifampizara traikefa ary hiezaka hitondra feo tokana ireo mpandray anjara tonga eto Antalya - Turquie. Nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny « Antalya Diplomacy forum 2024" ity ny Filoha Tiorka Recep Taiiyp Erdogan. Raha tsiahivina, ny taona 2021 no nisian'ny andiany voalohany tamin'ity Forum diplomatique fanao isan-taona eto Antalya ity. Tsy nisy kosa ity fihaonam-be ara-diplomatika ity tamin'ny taon-dasa noho ny horohorontany goavana nahazo an'i Torkia. **JUDD**



**Ny Filoha Andry Rajoelina nandritra ny fanokafana fivoriana tao Antalya omaly.**

Kandreho

# Nahazo sambo 2 sy lakamby 3 avy amin'ny zanaky ny faritra

Isan'ny tena mampijaly ny mponina any amin'ny distrikan'i Kandreho ny fahatapahan'ny lalana sy ny fiakaran' ny rano amin'izao vanimpotoanan'ny fahavaratra izao. Sahirana amin'ny fifamezivezena ny mponina. Ny fahitana izany olana sedrain'ny mponina izany indrindra ny no nanosika ny jeneraly Alfred Rakotomaronirina, izay tsy iza fa zanaky ny faritra Kandreho ihany, nanolotra sambo roa sy lakamby telo ho an'i Kandreho sy Maevatanana amin'izao vanim-potoanan'ny fahavaratra izao. Tamin'ny zoma 16 febroary lasa teo no nanolorana an'ireo fitaovam-pitaterana ireo. Mahazaka entana 5 taonina sy mpandeha 30 ny iray amin'ireo sambo lehibe roa ireo ary samy mahazaka mpandeha 30 ihany koa ireo lakamby telo natolony. Tsy izay ihany fa mbola nanolotra traktera ahafahana mampitohy an'i Maevatanana sy Kandreho ihany koa ity manamboninahitra jeneraly ity. Mijaly loatra ny mponina rehefa tapaka ny lalana mampitohy an'ireo distrika roa ireo, hoy ity farany. Isan'ny tonga nanotrona ny fanolorana an'ireto fitaovana ireto ny filohan'ny antoko Master's, Atoa Alain Ramaroson, ireo Ben'ny tanàna tao Maevatanana sy Kandreho, ny depiote voafidy tao Maevatanana, sns.

**Niry R.**



**Nandritra ny fanoloran'ny jeneraly Alfred an'ireo sambo sy lakana tany Kandreho.**

## Marina izany !

### Misafotofoto !

**Raha jerena maimaika dia milamindamina ny toe-draharaha pôlitika eto amintsika, telo volana eo ho eo mialoha ny datim-pifidianana solombavambahoaka. Rehefa tena idirana lalindalina anefa dia misafotofoto ny fifandraisan'ny mpiray antoko na fikambanana pôlitika. Raha nijanona teo amin'ny fivakisana ho roa ny fiombonan'ny kandidà 11 tsy nandray anjara tamin'ny fifidianana, tsy izany kosa no mitranga ao amin'ny antoko sy vondrona manohana ny mpitondra. Manjaka tanteraka mantsy ny tsy fitovizan-kevitra izay tsy takona afenina intsony fa eny amin'ny tambajotran-tserasera sy eny amin'ny fampahalalam-baovao samihafa eny no mifanasa vangy. Rehefa fotorina ny fototry ny olana dia samy te ho akaikin'ny mpandoa-bary. Samy te hanosika ny tenany na ny ekipany ho kandidà solombavambahoaka ihany koa. Voakasin'izany ohatra ny antoko sy ny vondrona manohana ny mpitondra, any amin'iny faritr'i Betsileo iny. Andro vitsivitsy taty aoriana, raikitra ihany koa ny disadisa eo amin'ny olom-boafidy sy ny olomboa-tendry, any amin'iny faritr'i Boeny iny izay niafara tamin'ny famoahana lamba maloto teo imasom-bahoaka mihitsy. Iza no diso ary iza no marina? Heverina fa efa mitady ny valin'io fanontaniana io sy ny fomba handaminana ny samy mpikatroka ny mpitantana ny antoko. Ny hita maso fotsiny dia vakivaky ny mpanohana ny fitondrana, noho ny tombontsoa samy manana ny azy sy ny fanilikilihana ny hafa. Santionany fotsiny mantsy ireny mivoaka ety ivelany ireny. Fizarazarana izay azo antoka fa manome hery ny fanoherana izay milaza ombieny ombieny fa hitady ny fomba rehetra hahazoana ny maro an'isa, eny amin'ny Antenimieram-pirenena, ho arofanin'ny mpitondra !**

Voahangy Rakotozafy

FAHENDRENA – FAHALALANA – FANAHY – PRECAES

PRECAES

PREPARATION AUX CONCOURS ADMINISTRATIFS ET A L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR

"Ka na dia kely aza no niandohanao, dia ho lehibe indrindra no hiafaranao." Joba 8: 7

Tel: 033 85 788 55

DIA MANOMANA CONCOURS:

I. ENMG:
- Magistrats Judiciaire, Administratif, Financier

II. ENAM:
- Administrateur civil (AC), Administrateur des services Financiers (ASF), Inspecteurs des Impôts…

III. POLICE:
- Agents (BEPC), Inspecteurs (BAC), Officiers (BAC+2), Commissaires (BAC+4)

IV. ACADEMIE MILITAIRE (ACMIL): (Lahy sy vavy) BAC +2

V. GENDARME: (BAC)

VI. GREFFIER: (BAC)

VII. INFA:
- BEPC : Assistant d'Administration ,Assistant des domaines
- BAC : Adjoint d'Administration, Contrôleur des domaines, Contrôleur du travail

FIDIRANA PRECAES: 06 MARS 2024

- Contact: 033 85 788 55
- Page Facebook: Precaes Ankadifotsy
- Adiresy: Ankadifotsy, ambanin'ny Station Shell, akaiky Centre de Santé MANAMPISOA

*"Ka na dia kely aza no niandohanao dia ho lehibe indrindra no hiafaranao." Joba 8/7*

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Angovo avy amin'ny masoandro

# Toby famokarana 47 haparitaka manerana ny Nosy

Ho avy amin'ny herinandro io ireo kaontenera 300 izay hampiasaina hametrahana ireo toby famokarana herinaratra avy amin'ny masoandro na "parc solaire". Distrika 47 manerana ny Nosy hisitraka iray avy indrindra ireo any ambanivohitra hoy ny minisitry ny Angovo sy ny Akoranafo Jean-Baptiste Olivier omaly. Ankoatran'izay, ho tohizana ny fametrahana branchement mora, fanoloana ireo andrin-jiro hazo ho lasa beton izay asa atao ao anatin'ny 100 andro. Ny fanohizana ny fiaraha-miasa amin'ny tetikasa maro toan' ny Vohibe, Sahofika, Ranomafana sy ny maro hafa izay lavitr'ezaka kokoa efa mandeha. Tsy maintsy miditra amin'ny fanafangaroana herinaratra avy amin'ny masoandro amin'ny angovo hafa isika mba hahafahana mameno ny filan'ny mponina.



Ny minisitry ny Angovo sy ny Akoranafo Jean-Baptiste Olivier.

**Farahantsana**

Omaly, notanterahina teny amin'ny Tobim-pamokarana Farahantsana izay mamokatra angovo madio avy amin'ny rano 28Mw ny mpiara-miasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo. 13 000 zanakazo no novolena tamin'ny velaran-tany 1 Ha. Nanamafy ny Tale Jeneralin'ny Tozzi Green, Davide Giachero fa afaka mamokatra hatramin'ny 7 200 Mw izy ireo raha herinaratra avy amin'ny rano no resahina. Samy mahatsapa ny maha zava-dehibe ny fambolenkazo ny rehetra izay mitana andraikitra amin'ny famerenana indray ireo loharano, fiarovana ny tany tsy ho kaohin'ny riaka ka hivarina any anaty renirano ny fasika rehetra.

**PAC**

Mikasika ireo mpiasan'ny Jirama niakatra teny amin' ny Pac kosa, toy ny orinasa rehetra dia misy ny audite sy fanaraha-maso. Aleo handeha aloha ny fanadihadiana fa tsy afaka iteny zavatra tsy fantatro aho satria na ny isan'ireo nampanantsoina aza tsy fantatro. Na izahay aza nohadihadiana ihany koa.

**Nath**

Tahirimbolan'ny fisotroan-drononon'ny Fadintseranana

# Hovatsiana amin'ny fampiasam-bola goavana ao Ihazolava

Namorona fidiram-bola vaovao ny Fadintseranana Malagasy. Efa mandeha ny fanodinana ny toerampambolena sy fiompiana midadasika, mirefy 110Ha, ao amin'ny fokontany Ihazolava, kaominina Ambohimandroso, distrikan'Ambatolampy, faritra Vakinankaratra, izay hisintonana mpizahatany hoentina mamatsy ny tahirimbolan'ny mpiasa mandeha misotro ronono. Efa misy fambolena katsaka eo amin'ny velaran-tany 30 Ha, fambolena vary, fambolena sakafom-biby, sns, ao an-toerana miampy ireo omby vavy beronono maherin'ny 60, akoho amamborona, ondry, sns. Ny vokatra avy amin'ireo fambolena sy fiompiana no hamidy amin'ireo olona na mpizahatany tonga mitsidika. Vao omaly no namboly zanakazo tany an-toerana ireo mpiara-miasa sy mpiara-miombona antoka amin'ny Fadintseranana. Zanakazo fihinam-boa miisa 2 500 no voavoly tamin'ny velaran-tany maherin'ny 10 Ha. Voasary mandarinina ny 580 tamin'ireo, papay ny 530, paoma ny 430, poara ny 100, ary paiso ny 540, ary zavoka ny 320.



Mandray anjara amin'ny fandrakofana ala an'i Madagasikara ny Fadintseranana Malagasy.

**Hanodina ronono**

*"Fanohizana ny fambolenkazo sy fanatsarana ity toerana ity no natao teto androany. Afaka 1 na 2 taona dia mety efa hioty ny vokatra, izay hovidian'ireo mpitsidika. Mbola hisy ny fambolena legioma amin'ny velaran-tany 5 Ha, ny fametrahana toeram-panjonona trondro, ny fanodinana ny ronono ho lasa fromazy ohatra, ary ny fananganana toeram-pisakafoanana."*, hoy ny tale jeneralin'ny Fadintseranana Malagasy, Zafivanona Ernest Lainkana. Nanamafy ny solontenan'ireo mpiasa misotro ronono ao amin'ny Fadintseranana, Ranaivomanana William, fa mametraka ny mpiasa amin'ny toerana sahaza azy ity tetikasa ity mba hiatrehan'izy ireo fiainam-baovao aorian'ny fisotroan-dronono. Misy amin'ireo mpisotro ronono no mandray anjara amin'ny fampandehana ity toerana ity. Olona 10 teo amin'ny manodidina koa no noraisina hanao ny fanarahamaso ny toeram-pambolena.

**R. Muray**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 566 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Hen'omby tajine

**Zavatra ilaina :** hen'omby 1 kg, tongolo be 5, voanjo 150g, voasary makirana notetehina 2, voaloboka maina 50g, menaka 3 sotro lehibe, paprika, sira sy dipoavatra.

Iray andro mialoha dia efa afangaroy ny paprika, ny menaka, ny sira ary ny hena izay voatetika. Alomy ao anaty vata fampangatsiahana. Teteho ny tongolo ny andro aoriana dia ataovy lafika amin'ny vilany. Alaharo ety ambony ny hena dia ataovy ety ambony koa ny voasary makirana. Saronana dia ampangotrahy. Amin'ny farany vao asiana ireo voanjo nopotehina.

## Taratasy ho an-dRamala

### Hitsikitsika… lasa papango… !

Any Ramala,

Fa inona moa no dikan'izany hoe hitsikitsika lasa… papango izany Ramala ? Aiza koa no hisy hoe hitsikitsika hivadika papango izany. Tena zava-misy io fa tsy izaho no namorona an'io Ramala. Ireo mpiray tanindrazana amintsika taloha na tany aloha no nilaza izany. Ny tena marina dia oha-pitenenana, izany hoe ohabolana izy io, izay nilazany hoe « Ny hitsikitsika natao ivavahana indray ity no lasa papango mipaoka zanak'akoho ». Nentiny nilazana olona natao hiaro kanefa lasa manisy ratsy na mamono indray. Ny hitsikitsika kosa misidina sy mandihindihy eny ambony dia variana miandrandra mijery izany ny mason'izay mahita. Rehefa avy eo izy io dia lasa. Tsy izany kosa no ataon'ny papango. Rehefa misy papango misidina sy mihaodihaody eny ambony eny dia inona no hitanao Ramala ? Jereo tsara ao an-tananana na manodidina anao fa raha mahita akoho mbola mitarika ianao dia hihazakazaka haingana ireo zanak'akoho mandeha miafina ao ambany elatry ny reniny.Tsy mamela mahazo mantsy ny papango fa tonga dia mipaoka izay azony. Fa inona daholo no idiran'izany amin'ny fiainantsika ankehitriny Ramala. Ho lava ity resaka ity raha hororitina eto,eny fa na hanoratra taratasy impolo ho anao aza aho Ramala dia mahita holazaina foana. Asa raha efa henonao ihany faramparany teo ilay hoe be baoty iray nitifitra nahafaty be baoty iray. Olona natao hitandro ny filaminana anefa io be baoty nitifitra nahafaty olona io. Avelako eo iny, raharahan'ny samy be baoty io ka mbola hisy ny fanadihadiana hataon'ny Lehibeny. Fa misy raharaha hafa nitranga tao amin'ny tanàna iray amorontsiraka ao avaratratra atsinanana tao Ramala. Nisy olon-tsotra nodarohan'ny be baoty tany amin'ny biraony koa tany. Rehefa avy eo anefa navotsotra ilay olon-tsotra io, izay efa mangan'ny daroka. Nanao hadisoana hono ry zareo be baoty ireo fa hay tsy olon-dratsy tadiavin'izy ireo indray io. Mbola raharaha faharoa hafa koa ity, izay nitranga tao atsimotsimo andrefana tao. Lehilahy iray manana andraikitra ao antanana no nahatratra be baoty vitsivitsy mamomamo nitabataba. Niteny sy nandamina azy ireo mba hampitsahatra ny tabataba ilay lehilahy manana andraikitra ao antanana io. Nivadika anefa ny rasa. Tonga amin'ilay fitenin' ny olona hoe "Ny mamo indray no miantso…", efa hainao ny tohiny Ramala. Tsy vitan'ny hoe nosamborina ilay lehilahy io fa nampidirina notanana tany amin'ny biraondry zareo be baoty ary dia mbola nodarodarohana indray. Tsy izany ve no hoe "hitsikitsika…lasa papango" Ramala ? Dia avela ho vitavita foana ve ireo be baoty nanao fahadisoana ireo Ramala ? Aiza ireo miseho mpitabataba ho mpiaro ny zon'olombelona maninona tsy amin'ny tranga tahaka itony no miantsoantso fa indraindray toa ireo manao ratsy indray no harovana ? Izay aloha no hamaranana azy Ramala fa efa lava izay, amin'ny manaraka indray.

## Ragasy

HWPL Madagascar

### "Miharatsy ny lafiny tsy fandriampahalemana"

Maro ireo faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana manerana ny Nosy. *"Araka ny hita sy re amin'ireo fampahalalam-baovao maro samihafa dia miharatsy hatrany ny lafiny tsy fandriampahalemana raha tsy hilaza afa-tsy ny eto Antananarivo fotsiny ohatra. Manomboka amin'ny halabotry izany ka hatramin'ny famonoana olona. Eny fa misy amin'ireo mpitandro filaminana aza mandray anjara ao anatin'izany. Marobe ny antony mahatonga izany toy ny olana ara-toekarena sy ara-tsôsialy ary ny fiantraikan'ireo krizy avy any Ivelany eo amin'ny toekarena sy isambatan'olona. Lasa miteraka tsy famaliana amin'ny zo fototra maha olona ireo olana ireo, ka mirona amin'ny fitiavan-tena sy fiarovana ny fananany manokana sisa ny olona."*, hoy Ranitratsilo Aina, solontenan'ny HWPL eto Madagasikara. Amin'ny maha mpisehatra amin'ny fandriampahalemana ity fikambanana ity, dia hisy ny hetsika "Amboaran'ny fandriampahalemana" hokarakarainy amin'ity taona ity. Lalao baolina kitra ho an'ireo mpiantry ny lisea eto Antananarivo. Kendreny ny hamolavola tanora matihanina eto amin'ny firenena amin'ny alalan'ny fanabezana ampitaina mandritra io hetsika io andaniny, ary ny hanaparitaka ny kolontsain'ny filaminana ho an'ireo mpandray anjara rehetra ankilany. Tamin'ny herinandro lasa teo, teny Faravohitra, nisy ny jery todika sy ny faminavinana ny asa nataon'ireo mpikambana sy mpiara-miombona antoka rehetra miara-miasa amin'ny HWPL.

**R. Muray**